

Henatry ny fiaianana

Auteur(s) : Rabearivelo, Jean-Joseph

Les folios

En passant la souris sur une vignette, le titre de l'image apparaît.

2 Fichier(s)

Citer cette page

Rabearivelo, Jean-Joseph, Henatry ny fiaianana, 1927-07-15

Claire Riffard, équipe francophone, Institut des textes et manuscrits modernes (CNRS-ENS) ; projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne nouvelle)

Consulté le 12/01/2026 sur la plate-forme EMAN :

<https://eman-archives.org/francophone/items/show/15>

Description & analyse

Éditeur(s) de la fiche Riffard, Claire (18-08-2014)

Révision Jar Luce, Xavier (18-07-2015)

Informations générales

Langue Français

Cote

- NUM PRO REV VI Henatry
- RV.VIHE

Nature du document Manuscrit

Support Photocopie

État général du document Bon

Localisation du document Fonds Rabearivelo,
Institut Français,
14 avenue de l'Indépendance,
101 Antananarivo
Madagascar

Informations éditoriales

Publication Revue Vakio Ity, 15/7/23

Présentation

Date [1927-07-15](#)

Genre Presse (Article rédigé par l'auteur)

Mentions légales Consultable sur internet. Copie et impression interdites.

Consultation possible de l'original à l'Institut Français d'Antananarivo.

Contact : brakotomanga@gmail.com

Éditeur de la fiche Claire Riffard, équipe francophone, Institut des textes et manuscrits modernes (CNRS-ENS) ; projet EMAN (Thalim, CNRS-ENS-Sorbonne nouvelle)

Information sur la revue

Titre de la publication Vakio Ity

Lieu de publication Tananarive

Notice créée par [Claire Riffard](#) Notice créée le 14/08/2014 Dernière modification le 16/09/2025

Vakio Ity

FIARAHABANA MAFANAFANA !

Arahaba trathy ny taona! Hotinjaraina araka ny anarana, aza tsiny izay tsy voatonona :

Arahaba ho anao, ry Monsieur GRANDJEAN, izay loharano miteraka ny onim-pahasoavana ho an' i Madagaskara tontolo !

Arahaba ho anao, ry Monsieur le Docteur VILLETTTE, dadaben ny maro, tsy hohadinoina mandrakizay eto Madagaskara, raha mbola misy koa ny Malagasy !

Arahaba ho anao, ry PHARMACIE DE LA METRO-POLE tsy miova fénitra, misy izay ilaina lalandava.

Arahaba, ihanareo mpiasa samy hafarehetra manotrona an' i M. GRANDJEAN, fa raha izy irery, hazo tokana tsy mba ala, tondro tokana tsy mahazo hao ; fa misy anareo ka dia to' ny eitrapony, tanteraka ny fikasany.

Arahaba, ry fanafody isan-karazany, tovozin-tsy ritra lanin-tsy mba lany ; nefo ho tononiko manokana kely hianareo efa-miaotra Ra-NUTETE, Ra-ANTIFARASINA, Ra-PALUDOL, Ra-ELÉXIR DE CHOPPART indrindra indrindra.

Arahaba ho anao, Ra-«VAKIO ITY» malala, fa hianao no mpanely ny soa, mpanambara ny marina, mpanapoka ny mahavarina.

Hoy izaho Ramankasitraka sy ny nahita 'soa réhetra taminareo.

15/01/1923

IALAO NY KILEMALEMA KELY REHETRA IZAY METY HANORISORY.

Na lainga, na fosa, na tsy fitiavan-kavana sy hamana, mba ajanony, fa vaovao ny tsôna. Ataovy miara-mandroso ny toetra tsara, mampiadam-po, mahafalafaly, fa izay manananonana rehetra avelao hanaraka ny lasa, sao tonga vatoekely manampona ny dia.

Ataovy loha-lalana ny *fahamarinana*. Na inona atao sy imasoana, raha tsy misy fahamarinana, dia zava-poana avokoa. Ny asa tsy marina, varoitra tsy marina, etc., dia mahamaivân-danja izay atao rehetra, ary tsy mba volamena madio, ka matahotra sedra sy fitsapana.

Ny be teny fa tsy misâ tsy izy ; ny lava lela, fa mondriy tanana, tsy misy ; ka aleo ajanona ny kabary, ny anatra atao fohy, fa ny fiehana ho tsara kosa, ho marina, no atao Baiko-tanana isan-andro.

R. RAKOTO.

HENATRY NY FIAINANA.

BE dia be ny fery manenika ny fiainana, ka-manaratsy ny velona ; ny sasany amin' izy ireny dia iarahan' ny rehetra manana, ka tonga hoatra ny orona iaraha-mitondra ; ny sasany kosa, olona azo isaina no kikisany, ka mampiavaka azy hoatra ny fanasaraky ny ranomasina ny nosintsika amin' i Afrika ; misy indray hafa mahavoa ny iray dia mamindra amin' ny hafa. Izay no tena aretina.

Ny fanaon' ny dokotera mahay raha tonga ny épidemie, dia ny hisakana indrindra ny hielezany ; ny fomban' ny mpanoratra kijngâ kosa raha mahatsinjo fanimba iray dia ny hankalao azy hiala.

Maro amin' ireny fery ireny no efa novoasana iaraha-mahita, ary inoako fa tsy namafy voa ho am-borona ny sakaizantsika Atmosphère sy J. Tarivelô raha nikendry hamboly ny lisadian-toaka tamin' ny lataneny navoakan' ny. «Vakio ity» sy ny «Vaoôva», satria efa nanoa vava-asa teo ny namako, dia tsy hikasika eo intsony abo, fa manantena fa ny adala-indrindra no hisotro ny ivin' ny devoly romotra, ka hangatsaka ny poizina ambony karazana, hanalany hetaheta ary ny ketrina indrindra no «champsiky ny maty vady sy hampihira ny maty havana !»

Faly-indrindra aho manantena fa ity alinéa iray entiko ho sasin-tény ambarany ity, dia mbola ho vakintsiaka amin' ny «Vakio ity» indray andro.

« Ny atsimo kosa dia ny vohitry ny janga.... vohitra kely mahafiniratra, mangifâ tokoa nefo miaingitra, toa tsy misy olona na dia misy valoaka aza ; ary toz tsany, fa raha mandroso mankeo dia mahita andâm-behivavy-betsaka, salohim-bopinkao malazo sesehena nefo manaitra ka misoloky ; ka atao' ny sasany hoe «lavaky ny menarana,» ary lazain' ny hafa hoe : « lemakay ny henatra. »

Izany hoe : « io no-fanalam-barakan' ny fiainana ! ». Roman irain' ny napantsika no nahitako an' io ... vohitra tsy hita

Aza marary anie hianao.

Amin' izao taom-baovao izao, ny foto-paniriana lehibe indrindra ataon' ny VAKIO ITY ho an' ny vahoaka Malagasy, indrindra fa ny mpamaky azy dia izao: «Aza marary anie hianao!» Handositra eo anoloanao anie ny tazo! Tey hahajanona eo anatrehanao ny kohakai «Aza mba lalovan' izay aretin' andoha indray mipy masso akory!» Nefa olombelona ihany, ka raha sendra tonga ny tahaka ireny, dia matokia fa mbola ao ihany Monsieur Grandjean; mbola mijoro teara ny Pharmacie de la Métropole, mbola hidanadana andro aman-alina ny varavarany; ary hitombo isan' andro ny fanafadiny. Koà dia ario ny ahialahy, aza manamia eritreritra raha mbola ao izany rehetra izany.

Ho ela velona tsy harary, tsy harikoditra anie ny mponina rehetra eto Madagascar na Vazaha na Malagasy, na Karana na Sinoa na Senagaly !!



TSY HIOVA TSY AKORY.

Manome toky anareo any ambanivohitra sy anindran-tany fa na iza hiova na iza hivadika, Monsieur GRAND-JEAN sy ny fitiavany anareo dia tsy mba hiova tsy akory, fa vao mainka hitombo aza: Aleony aza ry zareo Tananariviens akaiky sy manatri-maso no ampandeferiny, fa hianareo no tsy maintsy vonjena maika raha misy zavatra ilainareo na hafaranareo.

Tsy mba hiova tsy akory amin' izay efa fikarakarana rehetra natao izay, na ny hahasalama sy hahasitrana aretina, na hampitombo saina sy fahalalana na ny hampahazo vola sy harena, matokia fa hatao izany.

Hoy Ny VAKIO ITY.

Henatry ny fiaianana (suite de la p. 543)

aretina, satria ny fahadiovam-po no ampinga miaro ny voninahitra, ary ny fijangajangana no tafo ieren' ny henatry.

Izay mitady fiadanana amin' ny fahalotoana, dia ho sendra ny fahoriana amin' ny fialam-baraka.

Raha misy manangana ny fijangajangana ho sampin' ny fiaianany, dia manorina ny henatry ho tempolin' ny fireneny !

Lavy teo ny balako, ka ny monimonina sisà vitan' ny basiko, dia izao : (a) hangataka ny velona handao ity fandoza mijoro ho henatry ny fiaianana ity. (b) hitalaho an'i Frantsa reny mba handringana amin' ny Malagasy zanany, ny fanalam-baraka miantomboka hikiky.

K. VERBAL.

NY TAONA VAOVAO 1923.

HE' ry taona vao mipaika

Mba hisolo 'lay nivaika,
Arahaba no lazaina,
Fa hianao no tokin' aina

Efa tonga

Toy ny zaza dongadonga.

Nisy maro no naniry
Mba hahita anao mitsiry,
Nefa vovoka ireny,
Ka mitoetra tsy miteny

Ao ambanay
Rangolahy sy dongon-tany !

Nefa kosa notahina,
Ka na nisy 'zay nahina,
Izahay tsy resin-tsento ;
Koà, ry taona δ, mba ento :

Saotra tsara
Ho an' ilay Mpanendry anjara.

Re'fa'zany dia ny maro,
Omena « akory » mifangaro,

Ny tanora sy ny zaza,
Ny waventy manan-daza,

Dia « besoro »
Fa tsy maty torotoro !

Na dia misy 'zay nahory,
Tsy naharitra tsy akory,
Fa vao mmainka volamena
'Zay nasiany tsy nivena,

Ka nadio.
Arahaba re anio !

Fa irony andro mamy
No irina mba ho tamy,

Ka ho zary feno tsiky
Ny minitra nahadiky ;

Dia ny sisa,
Ho tandindom-paradisa !

MUSUEL BEJARMEE.